KABARIN'NY FILOHAM-PIRENENA HO FAMARANANA NY TAONA 2000

(Iavoloha, ny 31 desambra 2000)

Ry vahoaka malagasy mpiray Tanindrazana malala rehetra,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Araka ny efa nambaranay, iray taona lasa izay, dia izao takariva izao, raha afaka adim-pamantaranandro vitsivitsy isika vao tena hanao veloma tanteraka ny taona-arivo faharoa sy ny taonjato faharoapolo.

Koa raha hisantatra ny taona vaovao iray sy roa arivo sy ny taonjato faha-21 ary ny taona arivo fahatelo isika, dia tsy hainay ny tsy hiarahaba ny mpiray Tanidrazana rehetra, nieren-doza ka tratran'izao Asaramanitra izao.

Ny arahaba atolotray dia toy ny taramasoandro vao maraina ka mahatsidika ny isam-baravarana ary miantefa amin'ny isam-batanolona tsy an-kanavaka.

Ny fandraka sy ny fantsika hono no asesiky ny fively, ny angady no asesiky ny zarany, ny setroka no asesiky ny rivotra ary ny ranomaso no ateraky ny setroka, fa izany fiarahabana atolotray izany kosa dia asesiky ny fitiavana mipololotra avy ao am-po.

Arahaba tsy kobonina an-joron-damba, na fonosina anaty akanjo, fa arahaba mahenika ny Malagasy tsy vaky volo, tsihy be lambanana, ka dia « andry ombin'Ilaisalama : ny matavy voatehatehaka, ny mahia voasafosafo ».

Koa manolotra ny firariantsoa mitafotafo ho an'ny isan-tokonam-baravarana, isam-batanolona, na any ambanivolo na an-tanan-dehibe ny tenanay.

Ho lavitry ny rofy anie ianareo, ka ho vy, ho vato ny ainareo !

Hangidy lavitry ny faty ! Ho mamy tian'ny vola !

Hamboly hahavokatra ! Hiompy hahavanona !

Ho tian'ny tsy tia, fa ny tia dia ho tia rahateo !

Samy ho tahian-janahary ka ho ampoky ny soa !

Ary ho ambinina amin'izay rehetra atao !

Izay no ela hoy ny mpikabary, fa tsy ho tanteraka anefa izany firariantsoa rehetra izany raha tsy mandroso sy mivoatra ny Firenentsika.

Fa mby aiza tokoa moa isika izao amin'ny fampandrosoana ity Firenena malantsika ity ?

Tsy hivalamparana etoana moa ny famakafakàna momba izany, fa mbola misy fotoana malalaka hanaovana izany.

Fa teny indraimbava sy tsetsatsetra tsy haritra ihany no lazaina anio:

Milaza miaramahita angamba izahay raha mampahatsiahy fa :

- Na teo aza ny ain-tany namely ny sompitra mpamatsy ny tanintsika,

- Na teo aza ny rivo-doza izay namela ratra sy fery teny amin'ny faritra maro,

- Na teo aza ny areti-nandringana isan-karazany, izay sady nahafolaka an-dantony ny olona no nandripaka ny biby fiompy (choléra, peste porcine africaine, besoroka, sns, sns, …),

- Na mbola nisy aza ny sisan'andiam-balala saika nanimba ny voly,

- Ary farany fa tsy latsa-danja, na teo aza ny fidangan'ny vidin-tsolitany teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, dia :

Isaorana ilay Andriamanitra Tsitoha, izay nihazona ny Nosintsika tamin'ny sandry maheriny, ka tsy rendrika isika fa izao mbola mijoro sy mitraka hatrany izao. Ary vavolombelon'izany ny fitombon'ny harin-karem-pirenena faobe, izay mananika ny dimy isan-jatony (5%) ankehitriny, ary nihena koa ny fidangan'ny vidim-piainana (inflation) izay eo amin'ny folo isan-jatony (10%) eo ho eo, isika miteny izao.

Koa araraotinay izao Asaramanitra izao :

- Hideranay ny fahamatoran'ny ankamaroan'ny Malagasy niatrika ireny fotoan-tsarotra ireny,

- Ary anoloranay ny fisaorana feno sy mitafotafo etoana ireo mpiray Tanindrazana rehetra, na kely na lehibe, na vavy na lahy, tsy niraviravy tànana fa nandray andraikitra nisedra ny mafy, na tamin'ny asa izany na tamin'ny fitondrana am-bavaka ny Firenentsika.

Andriamanitra tompon'ny Asa anie hamaly soa anareo, satria noporofoinareo fa ny alahelo tsy vitan-joretra ary tsy ny famendrofendroana na ny kobaka am-bava, na kabary sy angoan-tenda akory no mitondra vahaolana ;

Fa ny asa sy ny ezaka ihany, ny asa sy ny ezaka hatrany no fototry ny fampandrosoana ny Tanindrazantsika.

Ry vahoaka Malagasy havana,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Na ny any ivelany, na isika eto an-toerana, ny olona tsara sitrapo rehetra, dia mahatsapa daholo fa mizotra mankany amin'ny fiarenan-doha ny Firenena Malagasy ankehitriny.

Ka alao hery ry Malagasy Mpiray Tanindrazana malala, fa « tsy adidiko izaho samy irery, fa adidiko izaho sy ianareo ! », hoy ny Ombalahibemaso izay, raha nanentana ny vahoaka hiara-misalahy eo amin'ny fampandrosoana ny Tanindrazana izy fahizay !

Ary hoy kosa izahay manao hoe : « Ny tao-trano tsy efan'ny irery, ary ny asa

vadi-drano tsy vita raha tsy hifanakonana ».

Farany :

Amin'izao fiandohan'ny taona 2001 (iray sy roa arivo), izay kihon-dàlana goavana, manamarika ny fandraisan'ny Faritany mizaka tena andraikitra, mba hisian'ny fampandrosoana mirindra tsy mialonjafy, mifandanja isam-paritra, ka hanabe voa ny Tanindrazana iombonana, sy hanamafy orina ny Filaminana, ny Fifankatiavana ary ny Firaisam-pirenena,

Dia mampanantena anareo havana voasazy izahay fa isan'ny fanamarihana izany taona isa fa tsy roa, tena miavaka ary manana ny maha izy azy izany, ny fanomezanay famelan-tsazy, toy ny natao tamin'ny taona lasa.

Eto dia misarika ny sain'ny Malagasy rehetra, indrindra indrindra fa ireo mpanao politika izahay :

Ny Demokrasia dia làlana be voninahitra nefa sarotra ampiharina ka mila fitandremana.

Tsy misy demokrasia vanona, mitombina, mitoetra ary mahomby, ka mitondra fampandrosoana tena izy raha tsy misy fandraisana andraikitra sy fifehezan-tena.

Tsy misy demokrasia vanona, mitoetra, mitombina ary mahomby raha tsy misy fanajàna ny zon'Olombelona, fifanajàna ary fanajàna ny maha-Olona (respect de l'Homme).

Tsy misy demokrasia vanona, mitombina, mitoetra ary mahomby raha tsy misy fanjakana sy vahoaka tan-dalàna.

Fa raha hanao toy ny « ganagana misasa ka samy hanao izay saim-pantany » ny tsirairay avy, dia izany no atao hoe : fanjakan'ny baroa (anarchie) fa tsy demokrasia velively;

« Atsipy ny tady eny an-tandroky ny omby, atsipy ny teny ho lanjalanjain'ny manan-tsaina ».

« Am-bava homana, am-po mieritreritra »

Ry Malagasy havana,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Misy ary tsy azo odian-tsy hita ny tsirim-panantenana vaovao eto amin'ny Firenentsika. Misy ary tsy takona afenina, tsy azo odian-tsy hita ny tsirim-pivoarana eto amin'ny Firenentsika.

Saingy izao : mbola mideza, malama ary be sakantsakana ny lalantsika, lalan-tsarotra fa làlana be voninahitra.

Koa manao antso avo ho ren-tany ho ren-danitra izahay anio ho an'ny Malagasy tsara sitrapo rehetra :

Ndeha ny hevitra no ampiadiana, fa tsy ny olona eo amin'ny fanaovana politika ;

Dia ho politika mendrika an'i Madagasikara, mendrika ny fahendrena nentim-paharazana malagasy. Ndeha isika hiasa sy hiezaka, eny, hanao fifaninanana masina mihitsy aza eo amin'ny fanasoavana ny Tanindrazantsika sy ny mpiara-belona

amintsika.

Ry vahoaka Malagasy o !

Ampio aho ahafahako manampy anao mba hampandroso sy hampivoatra tsy misy tomika ity Firenena malalantsika ity.

Dia ho ela velona i Madagasikara anjakan’ny firahalahiana sy firaisan-kina, mandroso, sambatra ary mitraka !